# Tsy haniraka anao ve aho hanao izay nanirahan'ny irak'Allah ahy? Aza avela hisy sarivongana raha tsy nipotehina, ary aza avela hisy fasana avo raha tsy ampitoviana

Tatitra azo avy amin'i Abou Al-Hayadj Al-Assadiou niteny : Hoy i Ali bin Abi Talib tamiko : Tsy haniraka anao ve aho hanao izay nanirahan'ny irak'Allah ahy? Aza avela hisy sarivongana raha tsy nipotehina, ary aza avela hisy fasana avo raha tsy ampitoviana.
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

I Mpaminany (S.W.A) dia naniraka ny mpiara-dia aminy tsy hamela "sarivongana" - izany sarin'ny zavatra misy fanahy ara-nofo na tsy ara-nofo - raha tsy hoe esoriny na potehiny izany. Ary tsy tokony hamela fasana avo izy ireo, raha tsy hoe ampitoviziny amin’ny tany izany ka ravany izay trano eo amboniny, na hatao fisaka mba tsy hampiakatra azy ho ambony dia ambony amin’ny tany, fa ampikarina ho avo kely amin'ny tany.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5934

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee